FIATREHANA NY ASA AMIN'NY FOTOAM-PAHAVARATRA

Notolorana baoty avokoa ireo mpiasan'ny CUA, mpanao asa fanadiovana isan-karazany

Ho fiatrehana ny asa amin'izao fotoam-pahavaratra izao dia notolorana baoty sahaza amin'izany, ireo mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) rehetra, mpanao asa fanadiovana isan-karazany toy ny : mpanadio tatatra, ny mpamafa lalana, mpanamboatra lalana,…. Izany dia mba ho fitsinjovana azy ireo, sy hahamora ny asa izay hataony amin'ny fisian'ny rano, fotaka, fako,... amin' izao fotoam-pahavaratra izao, izay mila baoty ny fanaovana ny fiatrehana izany asa izany. Nahazo ireo baoty ireo ny mpiasa ao amin'ny Boriboritany voalohany, ka hatramin'ny Boriboritany faha-6, ny mpiasan'ny asa vaventin'ny CUA (DTP), ny mpiasa ao anivon'ny Direction de la Santé et Hygiène (DSH), na ny BMH teo aloha, ny mpamonjy voina, ny Polisy Monisipaly, ary ny Equipe d'urgence. Ankoatra izany, mitohy hatrany ny fiatrehana ireo asa maika mety hisy amin'izao fotoam-pahavaratra izao, toy ny famerenana ny sarona dale mety hiala entin'ny rano, eo koa ny fanaovana sy fametrahana buse ho fanarian-drano eny Ambohijatovo.

Ireo baoty, nomena ny mpiasan'ny CUA.

Aly

Loza an-dranomasina

Avotra soa aman-tsara ireo komoriana efa tsy hita hatramin'ny 28 desambra

Avotra soa amantsara ireo komoriana nentin'ny ranomasina tamin'ny vedety tany Ampahazony Mahajanga. Nanomboka tamin'ny 28 desambra izy ireo no tsy hita, niala tany Anjouan ho any Mohéli samy any amin'ny Nosy Kaomaoro, saingy noho ny andro ratsy dia nafefiky ny ranomasina ka tonga hatrany Mahajanga Madagasikara. Avotra soa amantsara izy 13 mianadahy mianaka tao anatiny, nahitana vehivavy bevoka 1 sy zazakely 1. Efa nentina any amin'ny espace médical Mahajanga izy ireo amin'izao fotoana, jerena ny toe-pahasalamany, izay hita fa tena reraka tokoa. Niaranisalahy tamin'ny famonjena, ny ekipan'ny Tvhfb rehetra sy ireo tao amin' ny brigade ny port ary ny Apmf any amin'iny faritra Boegny iny.

Ireo komoriana hita tany amin'ny fari-dranomasin'i Mahajanga.

Stefa

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy amin'ny rehetra izay iantefany izao manaraka izao, momba ny fitaizana ny mpianatra any an-tsekoly :

Ny 7 janvier nirava hariva rehefa nody ny zanako vavy 3 taona sy tapany dia nitomany sady nitaraina fa marary ny sandriny, fa aza kasihina fa notsongoin'i maitresse, akory ny hatairanay Ray aman-dreny noho izany satria andranomaso no nitenenany, fa izy tsy hianatra tsony fa"" Mechante maitresse Larissa"", tsy laitra nampanginina ny zaza , rehefa nojerena dia vaofy sady mangana ny sandrikeliny ary misy dihana hohontanana anankiroa(nefa mbola nisy tablier sy tee- shirt nanaovany, fa tena novoasan' ilay maitresse mihintsy my tananan'ny zanakay, vaky ny fo no sady sorena, ka tsy maintsy nanatona ny fianarana ny maraina io ihany.

Voalohany indrindra efa natao ny fihaonana tamin'ny directrice sekoly St FRANCOIS JAMET ANDRAISORO ny 8 janvier 2020, efa nifanatrehana ary niaiky i maitresse, fa notsongoiny ny tanan'ny zaza izay mbola nisy tablier sy tee- shirt nefa dia vaofy tanteraka ary naratra, miala tsiny anefa no nataon izy ireo ary tsisy fepetra noraisin'ny sekoly, eny fa na dia nangataka aza izahay RAD ny amindrana classes parallèle an'ny zaza , soit izahay miala soit izany ao Amin'i maitresse ihany satria pédagogies iray ihany hono no ao, fa hiezaka i maitresse (efa hita le ezaka fa saingy Sao hahafaty ny zanakay, manginy fotsiny ny tahotry ny zanakay, na mahita anao aza nanganoano feno souffrance ny endriny ary traumatisé nohon'ny HERISETRA nataonao azy , tazomy ho anao sy ny zanakao any ary izay mbola manana fahatokisana ho anao izay ezakao any).

I directrice moa nanazava fa ny fanabeazana dia tsy maintsy misy ny fanintsiana ary na izy koa aza misy fotoana manongo ny ankizy ihany fa tsy mandratra araka ny filazany, manome rariny ny nataon'ilay maitresse no fahatsapanay izany , satria efa fomba fanaonareo izany ilay izy !!!! Izahay anie tsy Mandà ny tsy hanitsiana ny zanakay ara-drariny e! Fa le vono kosa tsy hifanarahana !!!! Ary misy lalàna mahakasika izany, avereno vakiana aloha alohan'ny hanohizanareo ny fanabeazana, MBA tsy hiverenan'ny toy izao intsony.

Ny Antony fandratrana ny zaza moa dia nazavain'i maitresse, ohatran'ireny tena rariny ireny mihintsy ny nanaovany azy, fa TSY NANAO DEVOIR MANORATRA "A" SY" 2" ny zaza fa rendremana te hatory anefa ny an'ny mpianatra hafa efa vita, KA CHOQUE i MAITRESSE KA VOATERY NIKASI-TANANA NY ZAZA !!! Ny zaza ampianarina ho Tia fianarana tambatambazana ahitsy ampahatonina, fa tsy dresser-na ohatran omby toy izany!!! Sady zaza 3 taona anie no resaka e!!!! Vao mianatra mibadabada sy miteny ka ahoana, MBA lanjalanjaina ihany ilay zavatra ataonao , samy manana ny vocation-ny ny olona tsirairay, ka raha tsapanao fa diso filière ianao mbola tsy Tara miova, fa aza ny zanakolona no voina ao!!!!

Ny zaza dia tsy te hierika ilay maitresse sy ilay fianarana intsony ary tena ohatran'ireny hamono azy ireny raha vao miresaka izany, traumatisé total (izany hoe tsy possible ny hiverenany hianatra intsony ao amin ilay etablissement)ary tojo amin'ilay solution nomen'i Directrice moa izany hoe: soit zany izahay miala, soit ajanona ao amin'i maitresse mpamono zaza ny zanakay: BRAVO BRAVO VOUS AVEZ REUSSI.....

Noho ny zava-misy tsy nipetrapetra-potsiny izahay RAD ary hisaorana feno ny fanampiana tamin'ny torohevitra, ny fankaherezana rehetra voaray.

Isaorana ihany koa ny ONEP (Office National de l'Enseignement Privé) sy ny DIDEC (Direction diocésaine de l'enseignement catholique) nandray ny andraikiny avy hatrany manoloana izao zavatra izao momban'ny sekoly sy ilay mpampianatra ary ny DOKOTERA, izay nanampy sy nandray an-tanana ny recuperation amin'ny traumatisme nahazo ny zaza, MBA hamerenana azy tsikelikely hiverina any an-tsekoly sy ho Tia fianarana indray ary hatoky izay mpampianatra hampianatra azy, amin'izay sekoly vaovao hampidirana azy hianatra.

Hafatra ho antsika RAD , raha toa misy ny trangan-javatra toy izao dia afaka manatona ny onep (office national de l'enseignement privé) ianareo fa enjehin'ny lalana ary mahavoasazy ny fikasihan-tanana indrindra ny fandratrana ny zaza mianatra,

Hafatra ho anareo mpanabe , aoka mba ho fanabeazana mendrika no atao sy tovozin'ny zanakay any am-pianarana fa tsy herisetra sy fandatsahan'aina , ary fanintsiana mendrika sy sahaza ny zanakay raha misy tsy mety ataony na ampiantsoy izahay rad rehefa tsy mety aminareo fa aza vonoina ! tianay ny zanakay matoa ampianarinay na hendry na maditra, anaro am-pahamendrehana ! ! !

Mba ho fanabeazana mendrika lavitry ny herisetra hamporisika ny zaza malagasy rehetra hazoto hianatra anie no tovozina satria ny fianarana no lova tsara indrindra.

Mirary soa antsika rehetra ,misaotra anareo tsy ankanavaka nanohana tamin'ity "bonane tsy ho adino mandrakizay nomen'i maitresse ity".

Lina Mahenintsoa
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

Seha-pampianarana

Mampitombo ny olany hatrany no ataon'ny fitondrana

Tsy ilaozan'olana mihitsy ity seha-pampianarana eto amintsika ity. Maneho miharihary ny tsy fananan'izao fitondrana izao traikefa izany. Niaraha-nahita tsara ireny ny zava-doza nitranga tamin'ny fanadinana bakalorea farany teo. Tsy mbola nisy toe-javatra nidona mafy toy ireny teo amin'io fanadinana io, na dia efa nisy aza tany aloha, fa iny no lasa lavitra indrindra. Nataon'ny fitondrana fotsiny izay nialàna tamin'ny olana teo anatrehany, fa ny famahana ny olana fototra tsy vitany sady tsy hitany velively. Izao dia navela handeha amin'izay lalany any fotsiny ireo mpianatra lasibatra tamin'izany fanadinana namohehitra izany, ary tsy misy afaka mandà fa tsy nahenoina izay vahaolana tohiny natolotry ny fitondrana Rajoelina ny rehetra.

Tojo olana lehibe ny mpianatra ary mbola mampanahy be ihany ny hoaviny kanefa tsy mampihetsi-bolomaso ny fitondrana izany. Volana vitsy aty aoriana izany, mipoitra indray ity ny olan'ny mpampianatra. Tsy mazava ny fitsinjarana ny vola fanomezana nantsoina hoe "panier garni". Tsy mitovy ny vola raisin'ireo mpampianatra, fa misy mahazo 65000 Ar, misy kosa ny an'ny sasany 9000 Ar na 3000 Ar mihitsy aza, araka ny fanazavan'ny sendikan'ireo mpampianatra. Nazava ny tenin'izy ireo omaly tamin'ny haino aman-jery tamin'ny alalan'ny fanazavan'ny filohan'ny sendika, ho setrin'ny fanazavan'ny Minisitry ny fanabeazam-pirenena ny amin'ny fitsinjarana ilay fanomezana. Noezahiny nalamindamina ny resaka kanefa tena mahakasika ny fiainan'ny mpampianatra tokoa. Mazava loatra fa raha ireo mpikambana eo anivon'ny fitondrana no tratr'izao olana izao angamba tsy halamindamina toy izany ny resaka. Mpampianatra eto no niharan'ny olana arabola tokony horaisiny dia atao toy ny nanaovana ireo mpianatra nanala fanadinana bakalorea ihany ny vahaolana atao. Manome fotoana eto ny mpampianatra mba hitovy tsy hisy tombo sy hala, dia aorian'izany hanao ahoana indray? Ho hita eo mazava ny anjara toerana ametrahana ny mpampianatra eto amin'ny firenena, fa inona moa ny olana ho an'ny fitondrana amin'izay resa-bola toy izany, nanampi-bava na nanao fanampena-maso ireo sokajina manam-pahefana eto amin'ny firenena amin'ny fampitomboana ny vola, na ny tombontsoa raisin'izy ireo aza vitany. Efa nahavita ny fanatanterahana ny sitrapony rahateo ny sasany tamin'izy ireny tamin'ny paipaika politika, toy ny tamin'ny resaka fifidianana, ka tsy tokony hitsipa-doha laka-nitana…

Na inona anefa ho lazaina sy fanazavana avy amin'ny fitondrana, ny fialàna bala sy fanilihana andraikitra amin'ny hafa efa fanaony, fitondrana tsy mahavaha olana eo amin'ny seha-pampianarana eto Madagasikara izao fitondrana izao. Iaraha-mahalala, fa ity sehatra ity dia manana olana maro samihafa, kanefa mbola ampian'ny fitondrana Rajoelina olana vaovao hafa indray. Tsy isalasalana fa mbola hisy olana hafa indray koa ho avy manaraka hapoitrany. Dia ny vahoaka hatrany no hibaby ny vokany.

Radafy

Tranga mampihorin-koditra

Kartie môbila novonoina notontatontaina tamin'ny vato

Vaovao mampalahelo no nitranga omaly marainan' ny zoma, tany amin'ny toerana fampiadina akoholahy, any Avaratsena, any amin'ny tanànan'i Tsiroanomandidy, faritra Bongolava. Lehilahy iray no hita faty novonoina tamin'ny fomba feno habibiana, satria nahitana vato manodidina ny razana . Arak'izany, novonoina nozerana vato no nahafaty io olona hita faty io. Araka ny fanadihadian'ny tany an-toerana, kartie môbila teo aloha tao Avaratsena ity niharam-boina ity. Fano na i Dofa no ahafataran'ny maro azy, tokony ho 42 taona eo. Nambaran'ny fokonolona, fa tsy manan-kialofana ity tovolahy ity. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha, mitohy ny fanadihadiana sy ny famotorana ataon'izy ireo.

Ilay kartie môbila, maty nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana.

Niaina